# ARETIM-BARY ATERAKY NY BAKTERIA
# LOZA MITATAO HOAN'NY FAMBOLEM-BARY

DINAMICC - EU

**TANDREMO !** Ireo aretina vaovao ireo dia mety hiparitaka haingana sy hiteraka faheverezam-bokatra

**AMPIO IZAHAY amin'ny FITSIRIHINA - HIFANAMPY ISIKA amin'ny FITADIAVANA PAIK'ADY HIALANA na HAMERANA ny VOKA-DRATSY aterak'ireo ARETINA ireo**

➢ **ARETINA 2 :** Malazo ravina na *Bacterial Leaf Blight* **(BLB)** afitsokin' ny bakteria *Xanthomonas oryzae* pv. *oryzae* (***Xoo***) sy Tsipika amin'ny ravina na *Bacterial Leaf Streak* **(BLS)** aterakin'ny bakteria *Xanthomonas oryzae* pv. *oryzicola* (***Xoc***)

➢ **RISIKA : BLB sy BLS dia loza mitatao ho an'ny fambolem-bary rehetra (anaty rano, saka maina, an-tanety) : Rehefa tena mafy ny aretina, ny fahaverezam-bokatra dia mety mihoatry ny 70 % ho an'ny BLB, ary eo anelanelan'ny 15-20% ho an'ny BLS miankina amin'ny karazam-bary sy ny toetr'andro**

➢ **OLANA: Ireo aretina 2 ireo dia tsy mbola fantatra loatra eto Madagasikara : Mbola vitsy ny fampahafatarana mikasiky ny fivoaran'izy ireo eto amintsika, na ny fanoheran'ireo karazam-bary misy ary tsy mbola fantatra ny fanafody simika mandaitra**

## ➔ Tsy maintsy ataontsika ny hamerana ny fihanak'ireo aretina ireo

## ✓ Ahoana ny fomba ahafantarana ireo aretina ireo ?

**BLB :** ***Xoo*** dia afaka mamely ny ketsa sy ny vary

**Toerana voakasika :** Antsirabe, Ivory sy Morafeno (taom-pambolena 2019-2020)




**Soritr'aretina :** manopy mavo hatramin'ny fotsy na volondavenina ny lokon'ny ravina marary




Piti-drano miloko mavo dia manambara ny famelezan'ny *Xoo*

**BLS :** ***Xoc*** dia afaka mamely ny vary manomboka eo ampaniriany ka hatramin'ny fiantombohany salohy

**Toerana voakasika :** Ivory sy Morafeno (taom-pambolena 2019-2020)



**Soritr'aretina :** tsipika lavalava etiety sy tantera-pahazavana miloko maitso ary miofo mavomena ny ravina marary



Fisian'ny tsiranoka marihitra dia manambara ny famelezan'ny *Xoc*

## ✓ ZAVA-DEHIBE INDRINDRA : MILA FANTATRA IREO TOERANA VOAKASIKA

Raha mahita **soritr'aretina**, **famelezana** na **ahiahy** amin'ireo **aretina** ireo, dia hampandreneso haingana ireo teknisianina sy ny mpanentana aram-pambolena eo an-toerana (DRAEP, DPV, dP SPAD, FOFIFA, CIRAD, FIFAMANOR, AFRICA RICE, Oniversiten'Antananarivo, IRD, GSDM, ONGs, OPs)

## ✓ HIALANA ireo zavatra mety iveloman'ny bakteria mba hisorohana ny aretina :

**Ireo bakteria dia mety hivelona amin'ny vary sy ahi-dratsy : ka mila esorina**



Masomboly voan'ny aretina



Mololo izay voan'ny aretina apetraka eny an-tsaha



Ahi-dratsy sy ny vary dia

Harinjaka Raveloson, CRR FOFIFA Antsirabe,
034 31 274 61 / 033 24 398 31
ravelohar injaka@yahoo.fr